# Ilay Voa Tsara Nafafy 30 Aogositra 2018

# 30 Alakamisy aogositra

***(Hoy Jesosy :)* Fiadanana no avelako ho anareo, ny fiadanako no omeko anareo ; tsy tahaka ny fanomen'izao tontolo izao no fanomeko anareo.**
Jaona 14. 27

**Ny fiadanan'Andriamanitra ... mihoatra noho ny fahalalana rehetra.** Filipiana 4. 7

**Fahombiazana sy fahasambarana**

Nofinofina tanora maro ny ho tonga mpanao fanatanjahantena avo lenta, nofinofy mahalana no tanteraka. Ary rehefa tanteraka, dia tsy voatery hitondra ilay fahasambarana nantenaina.

Hoy i Alistair Taylor, „bodyboarder” (mpanao fanatanjahantena anaty rano) : „Nandray anjara tamina fifaninanana nandritra ny dimy na enin-taona misesy aho, nahazo fahombiazana betsaka, ary nampoizina ho tonga tompondaka eran-tany amin'io taranja io. Antony maro no tokony haha sambatra ahy, nefa tsy izany no zava-misy. Ary tonga aza ny fotoana tsy nananako faharisihana mihitsy intsony, ka nanomboka nivarilavo aho. Tamin'izay i Kelvin, kristiana iray, no nitarika ahy hanolotra ny fiainako ho an'ny Tompo Jesosy Kristy. 18 taona aho tamin'izay, ary mbola miaina miaraka amin'Andriamanitra mandraka ankehitriny. Nahita fiadanam-po vaovao aho, ka olona tena mpino ihany no mahazo an-tsaina ny fahasambarako vokatr'izany. Tsy hatakaloko na inona na inona ny fifandraisako ankehitriny amin'i Jesosy. Tsy mitsahatra mitombo ianao, rehefa mizotra eo amin'ny lalan'ny finoana. Andriamanitra no mifehy ny fiainanao, mifehy izao tontolo rehetra izao mihitsy, ary tia anao mihoatra noho izay rehetra mety ho hainao heverina... Rehefa mahatsapa izany ianao, dia arianao ny tebiteby, tahotra, fisalasalana momba ny hoavy. Tsy voafehinao ireny, fa Andriamanitra kosa dia lehibe mihoatra noho ireny ! Dia takatrao ilay ambaran'ny Baiboly hoe : ny fiadanan' Andriamanitra, izay mihoatra noho ny fahalalana rehetra, dia mihazona ny fontsika sy ny hevitsika ho tafaray amin'i Kristy Jesosy.

Eny, manana antoka isika fa raisin'Andriamanitra an-tanana ny zava-drehetra, ary indrindra fa ny tenantsika.”